Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

FOTOAM-VABAKA
Alarobia 02 desambra 2020.

Fiarahabana

Vavaka

Ilay Mpiandry sy sakaiza tsara sady Mpanjakan'ny voninahitra araka ny Salamo 23 sy 24.

Hira : "Avia ry ondriko." (Antoko Mpihira)

Vakiteny 1. Salamo 23.1-3

1 Jehovah no Mpiandry ahy, tsy hanan-java-mahory aho.2 Mampandry ahy amin' ny ahi-maitso Izy; mitondra ahy eo amoron' ny rano fialan-tsasatra Izy.3 Mamelombelona ny fanahiko Izy; mitarika ahy amin' ny lalan' ny fahamarinana noho ny anarany Izy.

Ilay Mpiandry tsara. commentaires

Hira 624 :1,2 Jeso ô, Mpiandry tsara !

Vavaka
- Mba ho ren'ny olona ny antson'Ilay Mpiandry tsara ka hanolorany tena mba ho ondriny.
- Mba hahatonga antsika kristiana tena hatoky sy hanankina ny fiainantsika manontolo ho an'ny Tompo fa tsy ny ampahany na izay heverintsika ihany, fa mahalala izay ilaintsika mihoatra noho izay haintsika Izy.

Vakiteny 2. Salamo 23.4-6

4 Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho, fa Hianao no amiko: ny tsorakazonao sy ny tehinao, ireo no mahafa-tahotra ahy.5 Mamelatra latabatra eo anoloako eo imason' ny fahavaloko Hianao; manosotra diloilo ny lohako Hianao; ny kapoakako feno dia feno.

6 Eny tokoa, fahasoavana sy famindrampo no hanaraka ahy amin' ny andro rehetra hiainako, dia hitoetra ao an-tranon' i Jehovah andro lava aho.

Ilay sakaiza tsara.	commentaires

Hira 624 :3,6 Ray tsitoha, tsy miova

ÒVavaka

Tsy hatahotra na hanahy ny amin'izay miseho fa hatoky sy hametraka ny fiainana eo am-pelatanan'Ilay Mpiandry antsika amin'ny alalan'ny fitandremana ny teniny sy ny fiaianam-bavaka.

Hivavaka ho an'ireo sahirana sy marary, ho an'ireo nozoim-pahorina na namoy havana.

Vakiteny 3. Salamo 24.1-6

1 An' i Jehovah ny tany sy izay rehetra eo aminy. Izao rehetra izao sy ny mponina eo aminy.2 Fa Izy no nanorina azy tambonin' ny ranomasina. Tambonin' ny rano no nampitoerany azy.3 Iza no hiakatra any an-tendrombohitr' i Jehovah? ary iza no hitoetra ao amin' ny fitoerany masina?4 Izay madio tanana sy mahitsy fo, izay tsy manandratra ny fanahiny ho amin' ny lainga, na mianiana hamitaka.5 Handray fitahiana avy amin' i Jehovah izy, ary fahamarinana avy amin' Andriamanitry ny famonjena azy.6 Izany no taranaka mitady Azy, izay mitady ny tavanao, dia Jakoba.

Tadiavo ny tavany.	commentaires

Hira 7 :1-2 Misaora an'Andriamanitra

Vavaka

Mba hampian'ny Fanahy ka hazoto sy hahay hitady sy hikatsaka ny tavan'ny Tompo izany hoe hamantatra ny sitrapony sy hanome voninahitra azy amin'ny fanaovana ny sitrapony.

Mba ho marina tena araka ny ao anaty ny fijoroantsika ho vavolombelon'ny Tompo, ka hitarika ny hafa hanatona sy hitady ny tavan'ny Tompo isika.

Vakiteny 4. Salamo 24.7-10

7 Asandrato ny lohanareo, ry vavahady, ary misandrata hianareo, ry varavarana fahagola, mba hidiran' ny mpanjakan' ny voninahitra.8 Iza izao Mpanjakan' ny voninahitra izao? Jehovah mahery tsitoha, Jehovah mpiady mahery.9 Asandrato ny lohanareo, ry vavahady; ary manandrata ny lohanareo, ry varavarana fahagola, mba hidiran' ny Mpanjakan' ny voninahitra.10 Iza ary izao Mpanjakan' ny voninahitra izao? Jehovah, Tompon' ny maro, Izy no Mpanjakan' ny voninahitra.

Izy no Mpanjakan'ny voninahitra.	commentaires

Hira 171 :1,2 Jeso Mpanjaka malaza

Vavaka

Vavaka malalaka

Fehiny. Salamo 128

1. Sambatra izay rehetra matahotra an' i Jehovah, dia izay mandeha amin' ny lalany.2 Fa hohaninao tokoa ny asan' ny tananao; sambatra sady ambinina hianao.3 Ny vadinao dia tahaka ny voaloboka mahavokatra ao anatin' ny tranonao; ny zanakao dia tahaka ny zanak' oliva manodidina ny latabatrao.4 Indro, fa toy izany no hitahiana Izay lehilahy matahotra an' i Jehovah.5 Hitahy anao avy any Ziona anie Jehovah; ary ho faly hahita ny fahasoavan' i Jerosalema anie hianao amin' ny andro rehetra hiainanao.6 Eny, hahita ny zafinao anie hianao; fadanana anie ho amin' ny Isiraely.

Hira 171 :3 Tompo, Mpanjaka Tsitoha

Tsodrano Joda 24-25

Ary ho an' izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan' ny voninahiny amin' ny firavoravoana, ho an' Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin' ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena.